


## NY LANJAN'NY FIHAVANANA EO AMIN'NY FIARAHA-MONINA

| | |
|---|---|
| Tokony hanana **ireto fahalalana ireto** aho :<br>- endrika isehoan'ny fihavanana<br>- ny anjara toeran'ny fihavanana eo aamin'ny fiaraha-monina. | Ary manana **ity fahaiza-manao ity** :<br>- mamorona andalan-tsoratra momba ny lanjan'ny fihavanana eo amin'ny sehatra isan-karazany. |

**Aorian'ny lesona dia afaka** mamorona andalan-tsoratra momba ny lanjan'ny fihavanana eo amin'ny sehatra isan-karazany aho.

### SAHANASA 1 : MAMPITENY NY SARY AHO



- dinihiko ny sary-tanisaiko ny zavatra ataon'ireo olona ao
- dinihiko ny zava-misy ao anaty sary sy ny hevitra fonosin'ny sary
- manao ahoana ny fifandraisan'ireo olona eo amin'ny sary ?

### SAHANASA 2 : MITENY SY MANORATRA AHO

**Endrika ivelany amin'ny sary**

- ao amin'ny andian-tsary 1 : olona manao inona no hita ao ?
- ao amin'ny andian-tsary 2 : iza no tena betsaka ao amin'ny sary ? - inona no ataony ?

**Endrika anaty ampitain'ny sary**

- lazaiko ireo endrika isehoan'ny fihavanana eo amin'ny sary :
- mampiseho inona ireo sary ireo ?
- inona no soatoavina malagasy hita taratra eo amin'ny fihetsiky ny olona ao ?
- inona avy ny toe-tsaina amam-pihetsika anehoana ny fihavanana eo amin'ny sehatry ny famokarana ?
- manao ahoana ny anjara toeran'ny fihavanana eo amin'ny sehatry ny fiaraha-monina ?
- mavesa-danja sa maivana satria efa miha sarotra ny fiainana ?

### SAHANASA 3 : MANITATRA AHO

Loa-bary an-dasy :

- inona avy ireo fositra mandrava na manakorontana ny fihavanana eo amin'ny fiaraha-monina **– avy amin'ny toe-javatra misy ve sa avy amin'ny toe-tsain'ny olona mihitsy ?**
- inona no tombontsoa azon'ny mpianatra eo amin'ny fitandroana ny fihavanana eo amin'ny mpiara-mianatra ?

### SAHANASA 4 : MAHAY AHO VE ?



- mikaroka ohabolana na oha-pitenenana momba ny fihavanana aho
- tanisaiko ny sehatrasa efa hitako na fantatro fa manome lanja ny fihavanana **– hitako any amin'ny fianakaviana, na hitako any amin'ny fiaraha-monina.**
- ataoko an-tsoratra ny karajia momba ny lanjan'ny fihavanana eo amin'ny sehatry ny tokantrano.


+ ketsa

